
# Solomaso Fijerena Masoandro:
## Fomba fampiasana azy






*Fanakona-masoandro manontolo*

*Alatsinainy 8 Aprily 2024*


© 2014-2024
Eclipse2024.org

# TERMS AND CONDITIONS FOR USE OF ECLIPSE GLASSES

**Please read these Instructions for Use carefully before using the Eclipse Glasses. Your purchase and use of the Eclipse Glasses constitutes your agreement to these Terms and Conditions. Failure to follow these Instructions for Use may result in serious personal injury, including permanent eye damage. If you do not understand these Instructions or cannot follow them diligently and completely, then you should not look at the Sun at any time, with or without the Eclipse Glasses.**

The term “Eclipse Glasses” refers to the special cardboard-and-polymer optical products, marked “ISO 12312-2” and “SAFE FOR DIRECT SOLAR VIEWING”, manufactured by Rainbow Symphony of Reseda CA or American Paper Optics of Bartlett TN, and sold by Eclipse2024.org for the purpose of viewing the Sun during the solar eclipse of April 8, 2024, by or under the direct supervision of a person 18 years of age or above and in accordance with these Instructions for Use.

Observing the Sun directly, without the benefit of eye protection provided by the Eclipse Glasses, will likely result in serious personal injury, up to and including permanent eye damage and blindness. When these Instructions for Use are followed completely and precisely, the undamaged and unmodified Eclipse Glasses have been proven to be safe and effective in allowing direct, short-term viewing of the Sun. If these Instructions for Use are not followed, or if damaged or modified Eclipse Glasses are used, permanent eye injury could result.

You should never look directly at the Sun, with or without the aid of the Eclipse Glasses, if you have any temporary or permanent medical or other condition which either (1) prevents your use of the Eclipse Glasses according to these Instructions for Use, or (2) which predisposes you to an increased or special risk of incurring, worsening, or contributing to the effects of any optical condition, or other medical, health, or other condition, by looking or attempting to look at the Sun.

You should never attempt to perform any other activity (such as driving or walking) while using the Eclipse Glasses.

You agree that if you allow others to use the Eclipse Glasses, you will provide each such user with a copy of these Instructions for Use and will make sure such user reads and understands the Instructions for Use before using the Eclipse Glasses.

By using the Eclipse Glasses to view the Sun, you agree with the following:

(a) you understand these Instructions for Use completely;
(b) you understand and accept the risks associated with improper use of the Eclipse Glasses;
(c) you accept full responsibility for, and assume all risks associated with, the act of viewing the Sun, with or without the use of the Eclipse Glasses; and
(d) the Eclipse Glasses are fragile, and any damage or modification will render them immediately and permanently unusable for their intended purpose.

Release and Limitation of Liability

By way of purchasing and using the Eclipse Glasses, you are irrevocably releasing, indemnifying, and holding harmless the manufacturer and seller from any liability, loss, claim and expense (including attorney’s fees), including but not limited to bodily injury or other personal harm, which may result from using the Eclipse Glasses under any circumstances or conditions and irrespective of jurisdiction. Neither the manufacturer nor the seller will be responsible for any damages of any kind, irrespective of reasons, conditions or circumstances, including malfunctioning of the Eclipse Glasses. All risks associated with using the Eclipse Glasses rest solely and entirely with the user, irrespective of whether the Eclipse Glasses are used by the original purchaser or any third party. You fully understand and assume the risks in using the Eclipse Glasses. You confirm that you have read this release of liability and fully understand its terms and that you have given up substantial rights by purchasing and using the Eclipse Glasses.

THE MANUFACTURER AND SELLER OF THE ECLIPSE GLASSES MAKE NO WARRANTY OF ANY KIND, EXPRESSED OR IMPLIED, WITH RESPECT TO THE ECLIPSE GLASSES, INCLUDING BUT NOT LIMITED TO THE IMPLIED WARRANTIES OF MERCHANTABILITY, FITNESS FOR A PARTICULAR PURPOSE, AND NON-INFRINGMENT. NEITHER THE MANUFACTURER NOR THE SELLER SHALL BE LIABLE FOR ANY OTHER DAMAGES, INCLUDING BUT NOT LIMITED TO DIRECT, INDIRECT, INCIDENTAL, SPECIAL, CONSEQUENTIAL, OR EXEMPLARY DAMAGES, WHETHER IN AN ACTION IN CONTRACT OR TORT (INCLUDING NEGLIGENCE AND STRICT LIABILITY), SUCH AS, BUT NOT LIMITED TO, LOSS OF ANTICIPATED PROFITS OR BENEFITS RESULTING FROM, OR ARISING OUT OF, OR IN CONNECTION WITH THE USE OR FURNISHING OF THE ECLIPSE GLASSES OR THE PERFORMANCE, USE OR INABILITY TO USE THE SAME, EVEN IF THE MANUFACTURER OR SELLER HAS BEEN ADVISED OF THE POSSIBILITY OF SUCH DAMAGES. IN NO EVENT WILL THE MANUFACTURER’S OR SELLER’S TOTAL LIABILITY EXCEED THE PRICE PAID FOR THE PRODUCT.

Note Regarding Translations

Translations of these Instructions for Use into various languages are provided “AS-IS” and solely for the convenience of the reader. Eclipse2024.org has made reasonable efforts to ensure the accuracy of the Translations; however, in the event of any perceived discrepancy in meaning or interpretation between the English version and any Translation, the English version will prevail. You should not act in reliance on anything contained in any Translation of these Instructions for Use, but should refer to the official English version.

*© 2014-2024*
*Eclipse2024.org*


# *FANAKONA-MASOANDRO MANONTOLO – 08 APRILY 2024*

**Tongasoa eto Amerika Avaratra!**

Henin-kaja ny tenanay amin'ny fahatongavanareo hitsidika ny firenenay mba hankamamy izany fanakona-masoandro manontolo izany eto an-toerana ary tianay dia tianay tokoa raha ny rehetra no afaka hijery izany amim-pahatoniana!

*Atolotray amin'ny teny Malagasy ireto torolalana ireto mba hampilamina anao. Ny andinin-tsoratra momba ny toro-làlana sy fomba fampiasana ary fialan'andraikitra amin'ny teny Anglisy hita ato ("Tari-dàlana") no misy ny fanazavana sy tari-dàlana feno mahakasika ny fampiasana ny solomaso voatokana Fijerena Masoandro hijerena ny eklipsa mivantana. Azonao tsidihina ao amin'ny https://tinyurl.com/2024Instructions izany tari-dàlana izany; marihina fa tokony vakinao sy azonao ary arahinao izay voasoratra ao momba ny fampiasana ilay solomaso Fijerena Masoandro.* ***Mety hiteraka olana goavana eo amin'ny fahitàna ny tsy fanarahanao ny tari-dàlana voasoratra ao.***

Voalazan'ny Astronoma fa ny eklipsa amin'ny 8 Aprily 2024 dia "eklipsa monontolo"; mba ahafahanao mahita izany amin'ny endriny manontolo nefa dia mila mankaty Amerika Avaratra ianao (io no atao hoe Tany Takon'ny Aloka). Raha toa ka tsy eo amin'ireo toerana ireo ianao no mijery dia eklipsa amin'ny ampahany fotsiny no hohitanao! Noho izany, zava-dehibe ny fahafantaranao ny toerana andalovan'io Tany Takon'ny Aloka io, ary hohazavainay etsy ambany ny fomba entina hiatrehanao izany.



*Tany Takon'ny Aloka*

## TARI-DALANA FANOMBOHANA

## FOMBA FAMPIASANA NY SOLOMASO

Ny teny hoe "Solomaso Fijerena Masoandro" no ampiasaina amin'ity tahirin-kevitra ity, ary entina hilazàna ilay "Eclipse Glasses" voasotra ao amin'ilay andinin-tsoratra fialan'andraikitra amin'ny pejy voalohany sy amin'izay rehetra voalaza amin'ity tahirin-kevitra ity.

Voarakitra anaty fifanarahana ara-dalàna ny fampiasanao ny solomaso Fijerena Masoandro entina hijerena ny fanakona-masoandro. Noho izany, tsy maintsy arahinao an-tsakany sy an-davany ny toromarika sy tari-dàlana voarakitra ao amin'ilay "instructions" alohan'ny ampiasanao ny solomaso Fijerena Masoandro hibanjinana ny masoandro. Raha tsy azonao izay voalazan'ny toromarika, na tsy hainao ny manaraka izany an-tsakany sy an-davany, na koa tsy ekenao ny fepetra mifehy izany dia iangaviana ianao tsy hanandrana akory ny himbanjina ny masoandro amin'ny fampiasana zavatra hafa.

© 2014-2024
Eclipse2024.org

# TARI-DALANA MOMBA NY SOLOMASO FIJERENA MASOANDRO

*Azonao atao ny mijery ity Toromarika ity amin'ny antsipiriany ao amin'ny pejy [fomba fampiasana ny solomaso Fijerena Masoandro amin'ny teny Malagasy](), izay tokony hovakinao, ho azonao ary arahinao tanteraka raha hampiasa ny solomaso Fijerena Masoandro ianao rehefa hijery eklipsa.*

1) **Jereo ao amin'ny eclipse2024.org/find-times ny toerana misy anao raha mety ahitana ny eklipsa amin'ny endriny manontolo na tsia, ary koa ny marika ora ahitana azy amin'ny ampahany na (raha misy) manontolo eo amin'ilay toerana.**
2) **Tranga tena mahaliana ny fanakona-masoandro manontolo, ka izay ao anatin'ilay Tany Takon'ny Aloka ihany no afaka hahita izany tanteraka – eo amin'ny roanjato kilômetatra eo ny sakany. Raha tsy ahitana ny eklipsa manontolo ny toerana efa nokasainao hijerena izany dia manoro hevitra anao izahay mba hifindra amin'ireo toerana voafaritra ao amin'ilay Tany Takon'ny Aloka!**
3) **Raha hampiasa ny solomaso Fijerena Masoandro hijerena eklipsa, ataovy sarona amin'ilay boribory mangirana amin'ilay solomaso ny masonao; izany no atao mba ho voaaro amin'ny tara-masoandro mivantana ny masonao.**
4) **Rahoviana no afaka mijery ny Masoandro amin'ny alalan'ny ilay solomaso Fijerena Masoandro:**
    a. **Raha TSY manontolo ny eklipsa amin'ilay toerana misy anao dia tokony hibanjina izany amin'ny solomaso Fijerena Masoandro ianao mandritra io fotoana rehetra io. METY HITERAKA FAHAVOAZANA MANDRA-MATY EO AMIN'NY MASONAO NY FIJERENA NY MASOANDRO TSY MISY FIAROVANA NATOKANA HO AMIN'IZANY!**
    b. **Raha MANONTOLO ny eklipsa amin'ilay toerana misy anao dia mila mampiasa ilay solomaso Fijerena Masoandro ianao raha mbola misy silaka mazava hita amin'ilay masoandro – na dia kely indrindra aza no hita amin'izany. METY HITERAKA FAHAVOAZANA MANDRA-MATY EO AMIN'NY MASONAO NY TSY FANARAHANAO IO TOROMARIKA IO!**
        i. **Fa rehefa takona manontolo kosa ny masoandro, izany hoe tsy misy taratra mazava hita dia afaka mijery mivantana tsy misy solomaso Fijerena Masoandro ianao.**
        ii. **Ny marina, raha mbola manao ny solomaso Fijerena Masoandro mandritra ilay fotoana mahatakona manontolo ny masoandro iny ianao dia tsy hahita na inona na inona mihitsy!**
        iii. **TSY MAINTSY miverina manao ilay solomaso Fijerena Masoandro ianao rehefa misinda ilay fanakonana manontolo, izany hoe rehefa manomboka hita indray ilay silaka mazava amin'ny masoandro.**
5) **Fehiny,**

**REHEFA MANOMBOKA HITA INDRAY ILAY SILAKA MAZAVA AMIN'NY MASOANDRO DIA TSY MAINTSY MIVERINA MANAO ILAY SOLOMASO FIJERENA MASOANDRO IANAO RAHA MBOLA TE HIJERY!**

© 2014-2024
Eclipse2024.org

# FOMBA FAMPIASANA NY SOLOMASO FIJERENA MASOANDRO

Indreto misy voambolana mila fantatrao aloha!

Misy ny voambolana voatokana iantsoana ny singam-potoana kely isehoan'ilay eklipsa amin'ny toerana mety ahitana izany eto ambonin'ny tany. Ireto voalaza manaraka ireto izy ireo:

| ***Voambolana iantsoana azy*** | ***Fanazavana ny zava-miseho*** | ***Raha aseho an-tsary*** *(Eklipsa manontolo)* | ***Raha aseho an-tsary*** *(Eklipsa amin'ampahany)* |
|---|---|---|---|
| ***C1*** | **Fiantombohan'ny fanakonana ampahany** |  |  |
| ***C2*** | **Fiantombohan'ny fanakonana manontolo** |  | ** Tsy misy! ** |
| ***Takona ny afovoany*** | **Fotoana manasa-dalana eo amin'ny fanakona masoandro** |  |  |
| ***C3*** | **Fiafaran'ny fanakonana manontolo** |  | ** Tsy misy! ** |
| ***C4*** | **Fiafaran'ny fanakonana ampahany** |  |  |

## *1) FANAZAVANA AMIN'NY ANKAPOBENY NY FOMBA FAMPIASANA NY SOLOMASO FIJERENA MASOANDRO*



1) [*raha misy*] Esory avy ao anatin'ny fonosany moramora ny solomaso Fijerena Masoandro.
2) Arovy tsy ho voakitikitika ny solomaso Fijerena Masoandro rehefa tsy ampiasaina.
3) Jereo tsara ny solomaso Fijerena Masoandro alohan'ny ampiasana azy; raha toa ka simba na misy tsipitsipika ilay aromaso mangirana amin'ny ilay solomaso Fijerena Masoandro dia ario avy hatrany, ary mividiana iray vaovao ho solony .
4) Raha simba ilay aromaso mangirana amin'ny solomaso Fijerena Masoandro, na inona na inona mety ho antony, dia aza mampiasa azy mihitsy raha hijery ny eklipsa.
5) Fadio ny manala ny aromaso mangirana amin'ny vatan'ny solomaso Fijerena Masoandro, fadio ihany koa ny mampiasa ilay aromaso mangirana avy nesorina hijerena masoandro.
6) Ilay aromaso mangirana mipetaka tsara tsy misy simba amin'ny solomaso Fijerena Masoandro ihany no afaka miaro anao amin'ny tara-masoandro mety hitera-doza toy ny taratra Ultra-Violet sy ny maro hafa. Azo antoka tanteraka noho izany ny fampiasana ny solomaso Fijerena Masoandro rehefa hibanjina ny eklipsa, indindra hoe arakao an-tsakany sy an-davany ny toromarika voalaza ao. Tsy misy "fitarafana eklipsa" manokana mety mampihena ny loza ateraky ny fijerena masoandro mandritry ny eklipsa.
7) **Tsy maintsy mampiasa ny solomaso Fijerena Masoandro ianao ary arahinao ny toromarika voalaza etoana raha tianao ny hijery ny masoandro amim-pahatoniana amin'ny FOTOANA REHETRA hahitana tara-masoandro. Tena natao hoarahina ireo toromarika ireo amin'ny singam-potoana hisian'ny takona na dia kely aza ("C2" na "C3" araka ny voalaza etsy ambony).**
8) Fadio ny mampiasa ny solomaso Fijerena Masoandro miaraka amin'ny teleskôpy, masolavitra, fakantsary, aromaso mangirana, fitaratra, na ireo rehetra mety mampita na mandray hazavana avy amin'ny masoandro ("Fitaovana Optika").
9) Fadio ny mampitodika Fitaovana Optika mankany amin'ny Masoandro ary aza mijery ny Masoandro mivantana amin'ny alalan'ny fampiasana Fitaovana Optika mitodika any, na io manangona, na mitily na mamily ny hazavan'ny Masoandro.
10) Aza ampiasaina amin'ny biby ny solomaso Fijerena Masoandro, na koa avela ampiasain'ny olona manana olana amin'ny fahitana, tsy afaka mamaky teny sy mandray izay toromarika amin'ny fampiasana ny solomaso Fijerena Masoandro, na tsy afaka ny hizaka ny vokatry ny nataony amin'ny fampiasana ny solomaso.



11) Raha hampiasa ny solomaso Fijerena Masoandro:

    Raiso ny solomaso Fijerena Masoandro ary apetraho tsara eo amin'ny masonao, ary atodiho makany amin'ilay aromaso mangirana ny masonao rehefa hijery ny eklipsa, izany hoe tokony ho eo anelanelan'ny masonao sy ny Masoandro ilay aromaso mangirana. Raha mitovy tahaky ny solomaso mahazatra ny paozin'ny solomaso Fijerena Masoandro novidianao dia ataovy toy ireny manao solomaso mahazatra anao ireny ny mampiasa izany. Fadio ny mijery mivantana ny Masoandro amin'ny masonao raha tsy efa manontolo ny eklipsa (izany hoe, mandritry ny singam-potoana C2 sy C3 araka izay hazavaina amin'ny sary eo ambany, raha misy tsara amin'ny toerana misy anao izany singam-potoana kely izany); ny tsara dia ny mijery mivantana ny masoandro amin'ny fampiasana ny solomaso Fijerena Masoandro tsy misy simba.
12) Raha tianao ho voaro amin'ny tara-masoandro ny masonao dia fadio ny mampiasa zavatra na aromaso hafa ankoatry ny solomaso Fijerena Masoandro tsy misy simba sy vaovao.
13) Raha manana fanontaniana mahakasika ireo tari-dàlana ireo ianao dia iangaviana hitsidika ny tranokala Eclipse2024.org amin'ny https://tinyurl.com/glasses-questions.

© 2014-2024
Eclipse2024.org

## 2) FANTARO IREO SINGAM-POTOANA KELY FAMANTARANA NY EKLIPSA AMIN'NY TOERANA MISY ANAO

Fenoy ito tabilao manaraka ito araka ny angon-tsera voarakitra ao amin'ny eclipse2024.org/find-times momba ny toerana misy anao:

### *Amin'ny toerana misy ahy, ny eklipsa dia:*

| MANONTOLO | TSY MANONTOLO |
|---|---|

*(asio boribory)*

| Raha ***MANONTOLO*** ny eklipsa amin'ny toerana misy anao dia araho ny toromarika voarakitra ao amin'ny | Raha ***TSY MANONTOLO*** kosa ny eklipsa ho hita amin'ny toerana misy anao, araho ny toromarika hita ao amin'ny |
|---|---|
| **"*MANONTOLO* NY EKLIPSA AMIN'NY TOERANA MISY AHY"** | **"*TSY MANONTOLO* NY EKLIPSA AMIN'NY TOERANA MISY AHY"** |
| **fanazavana etsy ambany:** | **fanazavana etsy ambany:** |

© 2014-2024
Eclipse2024.org

# ** MANONTOLO NY EKLIPSA AMIN'NY TOERANA MISY AHY **

Tafiditra ao anatin'ny Tany Takon'ny Aloka ny toerana misy anao, izay isan'ireo toerana ahafahana mahita tsara sy mankamamy ity tranga mahatalanjona ity! Zava-dehibe ny ahalalanao ny toerana ahitana ny eklipsa manontolo. Hainao ny mamantatra izany amin'ny alalan'ireto kisary manaraka ireto, eny, satria tsy misy silaka mazava mety ho hita rehefa takona tanteraka ny masoandro amin'io.

1) Fenoy ny singam-potoana kely ahitana ny eklipsa manontolo ity tabilao manaraka ity araka ny angon-tsera voarakitra ao amin'ny eclipse2024.org/find-times momba ny toerana misy anao (ezaho ampifanarahana amin'ny ora mifanaraka amin'ny toerana misy anao ny mari-potoana voarakitra eto!):

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| ***Alohan'ny C1*** | * Tsy misy eklipsa * | |  |  | **TSY MAINTSY** anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |
| ***C1*** | **Ny fanakonana ampahany dia manomboka amin'ny:** | |  |  | **TSY MAINTSY** anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |
| ***C2*** | **Ny fanakonana manontolo dia manomboka amin'ny:** | |  |  | **Aorian'ny C2**, azonao atao ny mijery mivantana ny eklipsa tsy misy solomaso |
| ***Takona ny afovoany*** | **Hita amin'ny:** | |  |  | **Azonao atao ny mijery mivantana tsy misy solomaso!** |
| ***C3*** | **Ny fanakonana manontolo dia mifarana amin'ny:** | |  |  | **TSY MAINTSY** averinao anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |
| ***C4*** | **Ny fanakonana ampahany dia mifarana amin'ny:** | |  |  | **TSY MAINTSY** anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |
| ***Aorian'ny C4*** | * Tsy misy eklipsa * | |  |  | **TSY MAINTSY** anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |

2) Na tafiditra ao anatin'ny Tany Takon'ny Aloka aza ny toerana misy anao, TSY MAINTSY manao ny solomaso Fijerena Masoandro ianao raha hijery ny eklipsa mialohan'ny C2 na aorian'ny C3, izany hoe raha mbola tsy manontolo ny eklipsa.

© 2014-2024
Eclipse2024.org

3) Azonao atao ny mijery mivantana ny eklipsa (tsy manao solomaso Fijerena Masoandro) RAHA:
    a. Manontolo ny eklipsa hita amin'ny toerana misy anao (ao anatin'ny Tany Takon'ny Aloka), SY
    b. Mandritra ilay fotoana maha takona manontolo ny masoandro (raha kajiana dia manomboka eo amin'ny singam-potoana C2 ka hatramin'ny C3 amin'ilay toerana notendrenao etsy ambony), SY
    c. **mandritra ilay fotoana kely anakonan'ny Volana TANTERAKA izay mety ho tara-Masoandro**.

Mety hiovaova araka ny toerana misy anao ny faharetan'ny fanakona-masoandro manontolo, ary tokony ho efa voamarikao mialoha izany mari-potoana izany. Tombatombana fotsiny ihany ireo mari-potoana nosoratanao etsy ambony!

4) Na inona na inona mari-potoana nomarihinao etsy ambony, na taiza ny loharano nahazoana izany, **marihina hatrany fa tsy maintsy mampiasa ny solomaso Fijerena Masoandro ianao REHEFA HIBANJINA ny Masoandro raha iny mitaratra iny ny hazavany**.

5) Noezahinay nampiarahana amina kisary misy fanazavana ireo toromarika ireo mba hampazava kokoa ny tian-kambara.

---

***Ho anao, tsy maintsy vakina, azo ary arahina ireto voalaza manaraka ireto:***

**TSY MAINTSY MANARAKA NY TOROMARIKA REHETRA VOALAZA MOMBA NY FAMPIASANA NY SOLOMASO FIJERENA MASOANDRO AHO AHAFAHAKO MIBANJINA NY EKLIPSA AMIM-PAHATONIANA.**

**RAHA MISY AMPAHANY MAZAVA HITA AMIN'NY MASOANDRO MANDRITRA NY EKLIPSA, TSY MAINTSY MANAO SOLOMASO FIJERENA MASOANDRO AHO REHEFA HIJERY IZANY.**

© 2014-2024
Eclipse2024.org

# ** *TSY MANONTOLO* NY EKLIPSA AMIN'NY TOERANA MISY AHY **

Tsy tafiditra ao amin'ny Tany Takon'ny Aloka ny toerana misy anao, noho izany, tsy afaka ny hankamamy tanteraka ny hatsaran'izany eklipsa izany ianao. (Te hankafia ny eklipsa amin'ny endriny manontolo ve ianao? Manoro hevitra anao àry izahay mba hifindra amin'ny toerana akaiky anao izay voasokajy ao anatin'ny Tany Takon'ny Aloka!)

1) Fenoy ny singam-potoana kely ahitana ny eklipsa manontolo ity tabilao manaraka ity araka ny angon-tsera voarakitra ao amin'ny [eclipse2024.org/find-times]() momba ny toerana misy anao (ezaho [ampifanarahana amin'ny ora mifanaraka amin'ny toerana misy anao]() ny mari-potoana voarakitra eto!):

| | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| ***Alohan'ny C1*** | * Tsy misy eklipsa * | |  |  | **TSY MAINTSY** anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |
| ***C1*** | **Ny fanakonana ampahany dia manomboka amin'ny:** | |  |  | **TSY MAINTSY** anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |
| ***Takona ny afovoany*** | **Hita amin'ny:** | |  |  | **TSY MAINTSY** anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |
| ***C4*** | **Ny fanakonana ampahany dia mifarana amin'ny:** | |  |  | **TSY MAINTSY** anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |
| ***Aorian'ny C4*** | * Tsy misy eklipsa * | |  |  | **TSY MAINTSY** anaovana ny solomaso Fijerena Masoandro |

*(Marihina fa tsy misy ny C2 sy C3 eto satria eklipsa tsy manontolo no ho hita amin'ny toerana misy anao!)*

2) **Koa satria tsy manontolo ny eklipsa hiseho amin'ny toerana misy anao dia tsy maintsy manao ny solomaso Fijerena Masoandro HATRANY ianao rehefa mibanjina ny masoandro.** Averinay etoana ihany fa tsara aminao ny misintaka kely mamonjy ireo toerana ahitana ny eklipsa manontolo na ny Tany Takon'ny Aloka. Aza adino ny mitondra ny solomaso Fijerena Masoandro miaraka aminao mba ahafahanao mijery amim-pahatoniana ny eklipsa!
3) Noezahinay nampiarahana amina kisary misy fanazavana ireo toromarika ireo mba hampazava kokoa ny tian-kambara.

---

***Ho anao, tsy maintsy vakina, azo ary arahina ireto voalaza manaraka ireto:***

**TSY MAINTSY MANARAKA NY TOROMARIKA REHETRA VOALAZA MOMBA NY FAMPIASANA NY SOLOMASO FIJERENA MASOANDRO AHO AHAFAHAKO MIBANJINA NY EKLIPSA AMIM-PAHATONIANA.**

**TSY MAINTSY MANAO SOLOMASO FIJERENA MASOANDRO AHO REHEFA HIJERY MASOANDRO MANDRITRA NY EKLIPSA.**

*© 2014-2024*
*Eclipse2024.org*

PDF

Malagasy

GRAN ECLIPSE NORTEAMERICANO

GRANDE ÉCLIPSE NORD-AMÉRICAINE

GREAT NORTH AMERICAN ECLIPSE

ECLIPSE .org 2024